


Hanitriniaina Lobo Razafimanantsoa sy Fidèle Razara Pierre, mpitarikavilam-bava tanteraka

Tena mampieritretira ahy manokana ny zava-misy eto amin'ity firenena lazaina hoe malala ity, tanindrazana iombonana ity, miampy ny hoe : tany tan-dalàna. Toa izay mahay vava no lasa misongadina fa tsy misy dikany ny lalàna velona misy eto amintsika. Ary tato ho ato dia toa mpitsara sy mpisolovava no manondrana ary mahay mifampiaro fatratra. Tantara hafa koa ireny…



Fanirisoa Ernaivo. Mba reny ihany ity mpitsara voaraoka satria nanompa ny mpitandro filaminana malagasy ity, fa dia mitaratra eo amin'ny mony eo amin'ny andriny ny maha demonia azy. F'angaha rehefa any Andafy dia mihevitra tsy ho tratry ny aloka amin'ny fandrahonany ankizy tsy ampy taona ? Sa enjana be ilay mpiaro vazaha ka mahavita manao resa-tay ("chiottes") ?...

Amin'izao vaninandro izao, rehefa misy tranga iray dia kinga ery ny sasany miaro fahatany ary misy mamorona tantara valamaty tokoa anie e ! Any ka, indraindray, dia ny asa fanaovan-gazety mihitsy no tafiditra ao anatin'ny vovon'ny vaovao tsy marina na *fake news*. Saro-pady ity asa fanaovan-gazety ity ary tsy azo atao alasafay noho ny akamoana hikaroka ( *«faire des recherches»* ) na koa tsy fanaovana fanamarinana ( *«recoupement»* ).

Soa fa tsy izahay rehetra fa ny mampalahelo dia matetika ireo vao miana-draharaha no tratry ny fakampanahy satria nanome ohatra ratsy ny nampianatra sasany…



Tsy nisy nipoitra ireto mpamporisika milaza fa mifono vy ireto, io Sabotsy 20 Febroary 2021 io. Vitsy koa ireo nolazainy fa "robots" no namaly ny antsony

Jereo tsara anie raha mikasika ilay fandaharana «Miara-manonja» e ! Nanjavona aloha ry Vonison Andrianjato Razafindambo sy Guy Maxime Ralaiseheno, rehefa nandefa ny poiziny (« *ho avy izahay fa mifono vy »* , hoy mihitsy ny iray). Manameloka ny tenany ka avy hatrany dia nandika lalàna an-tsitrapo. Nosy anie ity e ! Sa hanao toa an-dry Jean de Dieu Maharante sy Itompokolahy James Andrianalisoa nahavita nandingana ny IST (Tsy fahazoana mivoaka ny sisin-tanin'i Madagasikara), nitsoaka ao Frantsa ? Misy mpirediredy hafa koa ao amin'io fandaharana nalain-tahaka tamin'ny anay mpanao gazety MLE ( *«Mouvement pour la liberté d'expression»* ) nitolona nanohitra ilay « Làlana Andrianjato » indrindra, ny taona 2016… Misy fotoanany ny zava-drehetra lereitsy a. Fa tena lasa « fahagana » ( *«miracle, mon ami»* mihitsy !) ny mahakasika an'i Hanitra Razafimanantsoa, maman'i Francesca nalaza ratsy tampoka teo fa tsara mpiaro (50 be izao !) -fa izy 11 nalefa any Tsiafahy tsy nisy resaka na iraim-bava aza-, sy ingahy Fidèle Razara Pierre misalotra ho mpanao politika miseho ho tompondakan'ny fahaizana eo amina famelabelarana tranga tsy marina velively.



Ireo sary ireo no hita ao amin'ny pjey Facebook an'ireto solombavambahoaka manimba ny taranaka malagasy tanteraka

Izaho efa 40 taona mahery no naha-mpanao gazety ahy. Tsy amin’izao fotoana izao mihitsy aho no andeha hivaralila hanoratra lahatsoratra satria misy olona tsy tiana na koa noho ny antony ara-bola. Aleoko matikambo toa izay tsy mana-kambo. Ny votoatin’ity lahatsoratra ity ary dia mampibaribary anareo mpamaky hajaina sy ny hafa ihany koa, na eto an-toerana na any ivelany, fa tena olon-doza ireo olona roa ireo. Misy ohabolana izay milaza hoe : « *Kobokoboin'ny marina ka miteny tsy hanotaniana* » . Amin’izao teknolojia vaovao lasa lavitra izao dia tsy misy zavatra azo afenina intsony, na noho ny tsy fahaizana na noho ny fiheverana fa eo ambonin’ny lalàna hatrany.


Gazety mivoaka isan'andro
Inona no Vaovao
« Izay mahara-baovao, tia fandrosoana »
Alarobia 04 septambra 2019 / N° 3066 / 300 Ariary
Cnidh [2]
Mankasitraka ny ezaka ataon’ ny Fitondram - panjakana
Fanosoram - potaka anaty fesiboky [3]
Hotorin’ i Patrick Raharimanana i Fleury R. sy Kelly Géant

Ireo resa-dresaka avoaka eto ireo dia porofo tsy azo ivalozana efa nisy namoaka ho hitan’ny be sy ny maro (« *publication publique* ») ao amin’ny Facebook, ary rehefa nanao fanamarinana aho dia tsy zavatra noforonina velively ireo. Ny sary famantarana dia izy. Ny an’ilay Kelly Géant dia nofafany ny kaontiny fa izy io dia anisan’ny hoe ho torian’i Patrick Raharimanana, miaraka amin’i ingahy Fleury Rakotomalala, ny volana septambra 2019. Ilay Rova kely moa dia mpianatra ao Ankatso ary nanjavona koa ny kaontiny. Io ilay hoe te-hanao aminy eo nefa kanosa. Iza anefa no notahafiny ?... Andaho ary fa ela.




Ity izany ka ity indray dia fampianaran'i Hanitra ny ankizy handainga. Fa dia reny inona loatra ity rahavavy ?




Rova Kely
efa niantso ana teo ny sasany Mr le Depute fa mbola taraiky anaty embouteillage hono zareo
Fidèle
Ayy,ok Sitraka,Zao ilay izy,mila mihetsika mafy isika manararaotra an'ity zava-misy ity fa tonga ny fotoana
Tsy dia hanam-potoana eto loatra za sy deputée Hanitra ka tonga dia azavaiko eto daholo ny zavtra ataotsika androany sy apitso
Hanitra Razafimanantsoa
Tonga de hazavao Fidel a, maika hanao miaramanonja isika
Fidèle
Nareo ry Fy sy ry Sitraka teneno ny élément rehetra hoe tairina daholo ny olona;hoavy eny Ambohijatovo.
Di indrindra2 ireny mpianatra Akatso ireny
Aparitaho faran'ny mafy otran'ny mahazatra ireny
Ary aza adino ny androany fa tohizana ilay bandy maty iny atao max be,avantage be hoantsika ireny
Rova Kely
Fy tompoko mbola tsy tonga ato fa rehafa tonga izy teneniko an'izay